# ALAHADY FAHA 4 - FIAVIAN'NY TOMPO -B- 2023



***« Aza matahotra, ry Maria, fa sitrak'Andriamanitra ianao, ka hiteraka Zazalahy, ary Jesoa no hataonao Anarany » (Lk. 1: 30)***

Ry Kristianina havana, Alahady faha-efatra amin'ny Fiaviana izao Alahady mialoha ny fankalazana ny Noely izao. Noho izany, antomotra dia antomotra ny fankalazantsika ny nahaterahan'ny Tompo. Ary tsy vita ny hoe antomotra fa anio hariva ny fankalazana ny sasankalina. Faly sahady isika mifampiarahaba fa samy tonga soa amantsara amin'izao androm-pahasoavana izao.

Vakiteny I : **2 Sam. 7, 1-5. 8b-11. 16**
Tononkira : **SALAMO 88**
Vakiteny II : **Rôm. 16, 25-27**
Evanjely : **Lk. 1, 26-38**

Tsy afenina fa araka ny naverimberintsika dia Fiaviana manokana ity Avent ity noho ny fiomanantsika amin'ny fijanonana faha-3 amin'ny Sinaody faha-7 ary amin'ny fiatrehantsika ny Kongresy Eokaristika Iombonan'ny Nosy KNE 2024. Nanomana tokoa isika araka izany mba hivelomantsika ireo lohahevitry ny Fijanonana faha-3 izay mifameno tanteraka amin'ny KEN 2024 izany hoe : FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY KA VONONA HIFAMPITSIMBINA HIFANASOA HIKATSAKA MANDRAKARIVA NY SOA IOMBONANA. Tsy inona tokoa ny antony

hahatongavan'Ilay Mesia fa ny hampihavana, hanavao ny fifandraisana amin'ny zava-boary, hanavao ny fifandraisana eo anivon'ny tontolom-piainana, eo anivon'ny fiaraha-monina, hanavao ny fifandraisana eo anivon'ny tontolom-piainana. Izany no ankalazaintsika amin'izao Noely izao.

Ny Eglizy amin'izao Alahady mamarana ny fiomanana izao dia manolotra ho antsika fampianarana avy amin'ireo vakiteny amin'izao Alahady faha-24 desambra, alahady fahaefatra amin'ny fiaviana izao fa Alahady antomotra amin'ny Noely satria anio alina isika no hankalaza ny misasakalin'ny Noely. Atolotry ny Eglizy antsika ireo olona nahay nandray an'i Kristy ilay mpamonjy antsika. Ny dikan'ny hoe Kristy dia Mesia izay midika mpamonjy. Tsara ny mampahatsiahy antsika mba samy hitandrina satria amin'izao fotoan-tsarotra diavintsika izao dia maro ny mampanantena famonjena na amin'ny alalan'ny politika izany, na resaka fivavahana na resaka tsara lahatra na amin'ny alalan'ny zavatra ataony ka mahasarika nefa mahavoafitaka. Aoka isika ry Kristianina havana fa indrindra amin'izao fiomanantsika amin'ny fankalazana ny Noely izao mba tsy ho voasarika amin'ny zavatra manaitra ety ivelany fa hiditra amin'ny lalindalina ka handinika ary hahay hisivana aiza ny tena fototry ny fiainantsika, aiza ny tena hahitantsika ny lalam-pamonjena ?

Ka izany no mahatonga ny Eglizy mampianatra antsika  amin'izao hamaranantsika ny fiomanantsika amin'ny Noely izao ka hidirantsika amin'ny fankalazana izay hivelomantsika satria ny fankalazana tsy fahatsiarovana fotsiny fa mampiditra amin'ny fiainantsika izay ankalazaina ka hivelomantsika. Raha mankalaza ny Noely isika dia mankalaza ny fahatongavana ho nofo.

Ny Evanjely dia mampahatsiahy antsika ny fomba nandraisan'i Masina Maria renintsika an'izany famonjena izany. Ny vakiteny voalohany, boky voalohan'i Samoela, dia milaza fa i Davida nieritreritra hamboatra trano tsara mba hahaizany handray ny Tompo, henontsika nefa ny valin-teny nataon'i Natana taminy. Inona no mety ho dikany izay ho antsika amin'izao? Aoka ny fontsika no homanintsika satria ao no andraisantsika ny Tompo fa tsy amin'ny ny zavatra ataontsika ety ivelany miredareda. Ilaina ireny fa tsy izany anefa no fototra. Aoka isika tsy ho variana amin'ny zavatra ety ivelany ka voasarika amin'ny tsy tena izy satria ny fontsika no andraisantsika ny Tompo. Io no mahatonga ny lohahevitra androany hoe ny fihevetro tsy fihevitrareo : isika mieritreritra an'izao sy izao fa ny tadiavin'Andriamanitra dia ny fontsika hitoerany, raha Izy mitoetra ao am-pontsika dia hiorina mandrakizay ao amintsika Izy ka hahazo ny fiadanana, ny hasambarana isika ary ohatra velona amin'izany i Masina Maria. Raha tonga teo aminy ny Arkanjely Gabriely nanambara ny vaovao mahafaly taminy dia ny fahatongavan'ny teny ho nofo, araky ny fantantsika, dia tsy hoe nandeha ho azy ny fandraisany ny hafatr'Andriamanitra fa tamin'ny alalan'ny fifanakalozana resaka nataony tamin'ny Arkanjely Gabriely. Tsy dia nazava tamin'i

Maria avy hatrany izany na dia efa nomanin'Andriamanitra aza izy. Nandinika izy ary nisaina ka nametraka fanontaniana tamin'ny Arkanjely.

Azo lazaina fa ireo voalaza ireo no andraindraintsika amin'ny Sinaody sy amin'ny Kongresy Eokaristika. Ireo dinika sy ireo rehetra ataontsika hampivahatra bebe kokoa ny finoana. Io no lalana hampiova ny fiainantsika hitondra amin'ny tena fivoarana, dia ny fandrosoana ny maha olona manontolo.

Azontsika onogna fa tsy resaka mampanonofy toa ny eritreritry ny sasany ny Sinaody faha-7 sy izao KEN 2024 izao fa hitondra antsika hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka ny FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO, MPIRAY TAMPO ISIKA.

Hitantsika amin'ny Evanjely fa I Masina Maria niara-namakafaka sy nandalina ny finoana. Izany no ataontsika amin'izao Sinaody sy amin'izao Kongresy Eokaristika izao. Antsoina isika, asaina isika mba hampiasa ny saintsika hoentina handalinantsika ny hafatr'Andriamanitra. Aoka mba ho Eglizy kely ny fianakaviantsika, ho toerana handalinana finoana. Izao no hiainantsika amin'izao taom-pikatrohana iatrehantsika ny Sinaody sy KEN 2024 izao :"Fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao mpiray tampo isika jiaby ka mifanasoa, mifampitsimbina mikatsaka ny soa iombonana". Izany ny Noely.

Handalina ny fiainantsika isika amin'ny alalan'ny Sinaody sy Kongresy Eokaristika ka ohatra velona ho antsika i Masina Maria, tsy hoe nandà izy na nanohitra fa nandray tsikelikely tao am-pony ka nandinika an'I Jesoa ary izany no zava-dehibe.

Tsy maintsy mandalina isika mba hivahatra ao am-pontsika ao ny Tenin'Andriamanitra ka amin'izay dia ho tahaka an'i Masina Maria isika, izany hoe ho Tabernakla velona mamafy fanantenana sy fiadanana.

Masindahy Paoly amin'ny vakiteny faharoa dia mananatra antsika sy manampy antsika hahatakatra an'izany satria hoy izy : "*ho an'Ilay mahay mankahery anareo araka ny Evanjeliko, izay nitoriana an'i Jesoa Kristy sy nanambaràna ny zava-miafina tsy voalaza hatrizay hatrizay, (fa voaseho ankehitriny tamin'ny soratry ny mpaminany, araka ny didin'Andriamanitra mandrakizay, ka nampahafantarina ny firenena rehetra mba hanekeny ny finoana) dia ho an'Andriamanitra, Ilay hany hendry indrindra anie, ny voninahitra mandrakizay mandrakizay, amin'ny alalan'i Jesoa Kristy. Amen. »*

Izany no anjarantsika ry Kristianina havana ka aoka àry fa indrindra amin'izao fotoana tena akaiky ny fankalazana ny Noely izao mba hanahaka an'i Masina Maria. Natolotr'Andriamanitra amintsika tahaka ny nanolorany tamin'ny alalan'ny Arkanjely Gabriely tamin'i Masina Maria ny famonjena ka hoy izy namaly hoe :"*Inty aho ankizivavin'ny Tompo, aoka ho tanteraka araky ny teninao*". Amin'izao fotoan'ny Noely izao no fotoana

hanavaozantsika ny fanoloran-tena izay nataontsika tamin'ny batemy ka hahatonga an'i Jesoa hitoetra ao amintsika. Izany ny Vaovao mahafaly ankalazaintsika tanteraka amin'izao Noely izao. Hitondra fiadanana ho antsika anie izao Noely izao ka ho tanteraka ny lazaintsika amin'ny hafatra pastoraly izay napetraka amintsika mba hivelomantsika dia ny hoe : " *Izay mitoetra ao amiko sy itoerako no mamoa be*."

Raha tiantsika ho tahaka an'i Masina Maria ny fiainantsika dia fantaro fa namokatra an'i Jesoa, izay midika Ilay Mpamonjy, ny fiainany. Isika ihany koa mba hamokatra an'i Jesoa, izany hoe ny fiainantsika ho fiainam-baovao entin'ny Noely. Aoka àry isika hitoetra ao amin'i Jesoa satria izay itoeran'i Jesoa tahaka ny nitoerany tao amin'i Masina Maria no namokatra be ary nahazo hafaliana : "*mankalaza ny Tompo ny fanahiko…"*, hoy i Maria. Miaraka Aminy koa isika dia hahazo hafaliana. Izany no andrandraintsika amin'izao Noely izao mba hanana an'izany hafaliana izany, io no teny manentana antsika. Hitoetra ao amin'ny Tompo tokoa isika izany hoe isika mandalina ny finoantsika tahaka an'i Masina Maria, tsy ny hoe ny fandalinana entina hanoherana fa mba hanampy antsika hahay hisivana ka hivahatra tsara ny finoantsika. Ho tahaka an'i Masina Maria isika amin'izao Noely izao samy hanavao ny fanoloran-tenantsika ka hitoetra ao amin'ny Tompo tokoa.

Ry Jesoa Kristy ô, efa misomebiseby tokoa izahay amin'izao Noely efa akaiky izao, maro ny fahasahiranana fa indrindra maro ny tsy afaka mankalaza ny Noely noho ny tebiteby maro isan-karazany, noho ny zava-misy iainanay. Ampio izahay hanondrotra any Aminao, tahaka an'i Masina Maria, ny fo amam-panahinay. Sokafy ny fonay, ampio izahay na dia maro aza ny zavatra tsy mazava aminay, na dia maro aza ny fahasahiranana mety mangeja anay dia hisokatra tokoa ny fonay. Koa ankoatr'ireny fiomanana etsy sy eroa, ireny somebiseby ireny na ireo fahasahiranana dia mba hahay handray Anao Mesia mpamonjy anay izahay. Hitoetra ao Aminao izahay ka hitoeranao dia hahazo ilay hafaliana lavorary izay nampanantenainao. Koa hiaraka amin'ny anjely sy ny olomasina izahay hidera sy hankalaza Anao tsy amin'ny hira fotsiny fa amin'ny alalan'ny fiainanay. Hitoetra ao anatin'ny fiadananao anie izahay.Tantano izahay ry Maria Reny amin'ny dinika ataonay amin'izao Sinaody izao sy amin'izao Kongresy Eokaristika izao ka ho ivon-toerana hanampy anay hivelona ny tena fihavanana sady kristianina no malagasy ka hahatonga anay hifampitsimbina sy hifanasoa. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy eran-tany mivavahà ho an'ny fianakaviana miatrika fahasahiranana mba ho sitrana ka hiroso hanorina ny Tranobe Iombonana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson